
# JOBILY DIAMONDRAN'I MASERA GRETTA ANY ANGLETERA



Nankalaza ny jobily diamondra ny naha-relijiozy azy i masera Gretta ny Alahady **20 Aogositra 2017** tany amin'ny Fiangonan'ny Castlefin, niaviany, tanàna'ny Donegal, any Irlande. Feno hipoka ny Fiangonana satria niampy fianakaviana miitatra ny mpivavaka mahazatra ! Niangalian'ny antokon'ny tanora ny zava-maneno teo ambany fitarihan'ny zana-drahavavin'i Gretta antsoina hoe Rachel, izay mpampianatra ao amin'ny sekoly katôlika ao an-toerana.








**Ny 14 Septambra 2017,** fitsingerenan'ny nanaovana voady, nandeha nankany Sittingbourne ny kôminôten'i Londres hankalaza ny Sorona Masina ao amin'ny Lasapelin-dry masera. Mompera Hurley no nitarika izany, izy moa dia mpanampy ho an'ny fiainana voatokana ao amin'ny Diosezin'i Southwark.

Novelabelarin'i mompera James ny voady telo fa fanokanan-tena amin'ny Trinite Masina :



*''ny voady telo : ny **Fahantrana,** fiatorahana feno fitokisana amin'ny Ray, ny **Fahadiovana**, fanarahana ny Zanaka ary ny **Fanekena**, fihainoana ny Fanahy, mamintina ny fiainan'ny olom-boatokana - fanokanan-tena manokana amin' Andriamanitra ho famaliana ny antso izay mandrakariva an'ny tena samirery''.*

Taorian'ny Sorona Masina, tafavory teo amin'ny sakafo izay tsara omana izahay. Avy eo niverina taty Londres izahay, vonton'ny fihaonana niarahana nivavaka sy hizara ny hafalianay sy fankasitrahanay.



***Izay rehetra avy amin'ny Fiangonana, ny fianakaviako, izay nanohana ahy sy nivavaka ho ahy nandritra ny taona maro dia tolorako fankasitrahana feno.***

***Misaotra ny fianakaviana amin'ny maha-relijiozy nanampy ahy hamaly ny anson'Andriamanitra.***